# Rano velona

FITAOVANA HO AN'NY SEMINERA MOMBA NY TESTAMENTA VAOVAO

Vakio ireto andinin-tsoratra masina sy teny nambara manaraka ireto, ary tadiavo ireo hevi-baovao mikasika ny rano velona izay atolotr'i Jesoa Kristy.

- Jaona 4:13–14
- Jaona 7:37–38
- 2 Nefia 9:50–51
- 3 Nefia 20:8–9

Nampianatra ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe:



Ny rano velona izay resahina ao amin'ny [Jaona 4:10] dia fanehoana an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny filazantsarany. Ary tahaka ny ilàna ny rano mba hanohanana ny aina no ilàna koa ny Mpamonjy, ireo fotopampianarany, sy ireo fitsipiny ary ireo ôrdônansiny mba hahazoana ny fiainana mandrakizay. Izaho sy ianao dia mila ilay rano velona avy Aminy isan'andro ary ampy tsara mba hanohanana ny fivoarantsika sy ny fitomboantsika ara-panahy izay mitohy.

Mirakitra ny tenin'i Kristy ny soratra masina ary toeram-pitehirizana rano velona izay azontsika alaina avy hatrany ary afaka misotro araka izay tiantsika sy misotro maharitra izany isika. Izaho sy ianao dia tsy maintsy miantehitra amin'i Kristy sy manatona Azy izay "loharanon'ny rano velona" (1 Nefia 11:25; ampitahao amin'ny Etera 8:26; 12:28), amin'ny alalan'ny famakiana (jereo ny Môzià 1:5), amin'ny alalan'ny fandalinana [jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 26:1], amin'ny alalan'ny fitadiavana (jereo ny Jaona 5:39; Almà 17:2), ary ny fivokisana (jereo ny 2 Nefia 32:3) amin'ny tenin'i Kristy izay voarakitra ao amin'ny soratra masina. Raha manao izany isika, dia afaka mandray fitarihana sy fiarovana ara-panahy mandritra ny fiainantsika. (David A. Bednar, "A Reservoir of Living Water" [Church Educational System fireside for young adults, Feb. 4, 2007], 1, broadcasts.ChurchofJesusChrist.org)

Ny Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008) ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe:



Maro loatra ireo mipetraka eo amin'ny latabatry ny fanasan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary mionona fotsiny amin'ny fihinanana ireo sakafo manoloana azy ireo. Manao zavatra amim-pahazarana izy ireo—mety manatrika ireo fivoriana, manopy maso ny soratra masina, mamerimberina ireo vavaka fanao mahazatra—saingy ny fony dia tena lavitra. Raha marin-toetra izy ireo, dia tokony hiaiky fa liana bebe kokoa amin'ireo tsaho farany indrindra miely eo amin'ny manodidina, sy ny fironan'ny tsenam-bola, ary ny fandaharana izay mandeha amin'ny fahitalavitra ankafiziny fa tsy amin'ny zava-mahagaga masina sy ny fanompoana mamy ataon'ny Fanahy Masina..

Maniry ny hisotro amin'io rano velona io ve ianareo sy hahatsapa ilay loharano masina miboiboika ao anatinareo izay mitondra mankany amin'ny fiainana mandrakizay?

Dia aza matahotra ary. Minoa amin'ny fonareo rehetra. Ataovy izay hananana finoana tsy voahozongozona ny Zanak' Andriamanitra. Avelao ny fonareo hanandratra vavaka amin-kitsimpo. Fenoy fahalalana momba Azy ny sainareo. Ialao ny fahalemenareo. Mandehana amin'ny fahamasinana sy izay mifanaraka amin'ireo didy. (Joseph B. Wirthlin, "The Abundant Life," *Ensign* or *Liahona*, May 2006, 100)

Miainga amin'ireo zavatra izay nianaranao avy tamin'ireo loharanom-pitaovana ireo, dia manomboha mamorona drafitra ho an'ny lahateny izay hataonao. Ataovy izay hahazoanao antoka fa mamaly ireto fanontaniana manaraka ireto ny drafitra izay foroninao. Saintsaino ihany koa izay fomba ahafahanao mampita ny fahatsapana izay azonao mikasika an'i Jesoa Kristy ao amin'ny lahateny izay hataonao. Hevero ny hizara ireo zavatra izay efa niainanao manokana tamin'ny fandraisanao ny rano velona avy amin'ny Mpamonjy ary ny fiantraikan'izany teo amin'ny fiainanao.

- Inona ilay rano velona izay atolotr'i Jesoa Kristy?
- Nahoana isika no mila ilay rano velona avy amin'ny Mpamonjy?
- Inona ny zavatra azontsika atao mba handraisantsika ilay rano velona avy amin'ny Mpamonjy?
- Inona no fiantraikan'ny fahafantarana, fa ny Mpamonjy dia maniry ny olona rehetra hisotro amin'ilay rano velona avy Aminy, eo amin'ny zavatra tsapanao momba Azy?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *Living Water*. Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.